


ALAHADY - FAHA 3 MANDAVANTAONA - A



MASOANDRO BE LOHATAONA I KRISTY KA TSY MIFIDY OLON-KOSOAVINA

Ry Kristianina havana efa nambarantsika tamin'ny Alahady lasa teo, amin'izao mandavantaona izao, fa taona A isika ka i Md Matio no halalinintsika bebe kokoa ka manomboka anio Alahady faha telo

tsotra mandavantaona no hamakiantsika an'i Md Matio evanjelista izay niezaka hampahafantatra an'i Kristy tamin'ny jody. Arak'izany toe-tsaina sy toe-panahy jody izany no nanoratany ny evanjely. Nataony tahaka ny katesizy ary mirafitra tsara araka ny fomba fampianaran'ny jody. Katesizy tokoa no nampianaran'ny Md Matio. Tsy hoe nanao tantara izy na "chronique" tahaka ny mpanao gazety

Vakiteny I : Iz. 8, 23b - 9, 3
Tononkira : Sal. 26,
Vakiteny II : 1 Kôr. 1, 10-13. 17
Evanjely : Mt. 4, 12-23

fa noraisiny ny tenin'i Jesoa izay tamin'ny toerana maro samihafa dia natambany mba ho fampianarana velona ho an'ireo izay nandray azy sy nihaino azy araka ny maha evanjelista azy dia ny mitory ny vaovao mahafaly.

Ny ao amin'ny evanjelin'i Md Matio toko 4, rehefa vita ny fitantarany ny fahatongavan'i Jesoa ho nofo, dia nambarany marina fa ho an'ny Jody ny famonjena ary i Jesoa kristy dia tahaka ny masoandro be lohataona ka tsy mifidy olona hasoavana. Ny famonjena nentin'i Kristy dia natao ho an'ny olona rehetra.

Efa voalazan'Izaia mpaminany izany ary izay rahateo ny maha mpaminany dia ny mahafantatra ny sitrak'Andriamanitra ka milaza an'izany sitrak'Andriamanitra ary izany ny hahavonjy atsika.

Voalazan'Izaia mpaminany izany ao amin'ny vakiteny voalohany : "ny vahoaka mandeha tamin'ny haizimpito dia mahita fahazavana lehibe".

Ry Kristianina havana, raha tadinitsika tsara dia misy fanontaniana napetrantsika tamin'ny Alahady lasa teo ho fandalinampinoana : **Iza moa i Jesoa, mahalala azy ve isika ? Iza i Jesoa eo anivon'ny fiainantsika. Jesoa dia eo anivontsika tokoa izy, i Jesoa miara-dalana amintsika izy, famindrampo izy ka fahazavana ho ansika.**

Ho atsika rehetra afaka mandray izay fampianarana izao dia fantaro ary fa hanilo atsika i Jesoa. Maro ny zavatra mandrakotra ny fiainantsika, ny fontsika dia efa 'encombré" amin'ny zavatra maro. Ka i Jesoa dia tonga mba hanilo atsika, isika izay mandeha amin'ny haizimpito hotsolovin'i Jesoa. Aoka isika hahay handray azy, na dia natao ho an'ny Jody ny famonjena hoy Md Paoly, fantaro fa natao ho an'ny be sy ny maro, ho an'izay mandray azy.

Nandray azy ny jentily, henontsika ao amin'ny Evanjely ny tantaran'izany araky ny lazain'i Md Matio, fa niala tao Nazareta i Jesoa dia nankany Galilé ka tonga tao Kafarnaoma (tanàna encombré mihitsy) azo lazaina fa io tanàna nahitana ny "mondialisation" tamin'izany andro izany, ka nifangaro tao ny zavatra maro. Tao indrindra anefa no niantsoan'i Jesoa ireo mpianany, niantsoany an'ery Piera rehefa niampita ny ranomasin'ny Galilé izy ary miantso atsika koa izy mba ho mpanarato olona isika. Natao ho an'ny rehetra tokoa ny vaovao mahafaly ary isaorana an'Andriamanitra fa tonga hatraty amintsika. Ny zavatra tadiavina izay ho fototry ny rehetra izany hoe hahatonga an'i Jesoa ho fahazavana sy fahasoavana ho antsika dia tsy inona fa izay voalazan'i JEOSA ho antsika "MIBEBAHA IANAREO FA EFA AKAIKY NY FANJAKAN' ANDRIAMANITRA "

Amin'izao fanombohan'ny taona izao, ny anjarantsika ry Kristianina havana amin'ny fandalinampinoana izao dia ny mba handraisantsika an'i Jesoa ka hirehidrehitra ny fontsika ka tsy maintsy mibebaka isika izany hoe miala amin'izay rehetra mamatotra sy mandrakotra ny fiainantsika. Maro izy ireo satria lasa ohatry ny bazary na tsena ny fontsika ka feno zavatra mifangaro ary indrindra fa zavatra ratsy no mifangaroaro ao anatintsika lalina ao ka aoka ary hibebaka isika fa efa eo anivontsika tokoa i Jesoa. Rehefa mibebaka isika dia hanaraka azy.

Ahoana ny hahafantarana fa mibebaka tokoa isika ?

Mibebaka isika dia midika fa mino izany ary rehefa mino isika dia mahafoy. Tahaka an'ireo apostoly nantsoin'i Jesoa dia namela ny harato ka nanaraka an'i JESOA.

Ry Kristianina havana, ny hahafantarana fa ao ampontsika i Jesoa dia rehefa lasa ireo "encombrement" maro be amin'ny fiainantsika sy raha isika mahafoy.

Nahafoy i Masina Maria, fantantsika koa izany tamin'ny tantaram-piaianan'i Botovasoa, sy Victoire Rasoamanarivo samy nahafoy izy ireo. Izay ny hahafantarana fa velona ny finoantsika raha mahafoy isika ka mandray ny hafa eo anivontsika. Manambara izany fa eo anivontsika tokoa i Jesoa.

Mibebaka isika raha misy fiombonona , araky ny voalazan'i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa : ao anaty fiombonana tanteraka isika, tsy misy insony ny fizarazarana na fitsitokotokoana, izay no manambara fa eo anivontsika tokoa i Jesoa fahazavana izay manilo atsika ka mampiombona atsika ka mahatonga atsika mahafoy sy mifanasoa. Ao anaty fihavanana marina tokoa isika ka hiray tanteraka ao amin'i Kristy. Tsy misy ho an'i Paoly, na ho an'i Sefasy fa olo araiky isika. Manambara fa velona isika; eglizy mahay miombona ao amin'i KRISTY, eglizy fiombonana izay manambara fa velona eo anivontsika i Kristy. Izany no dikan'ny komino, vatan'i KRISTY dia ny fiombonanantsika ho olo araiky ao aminy.

Hangatahintsika izany amin'Andriamanitra amin'izao herinandro ny firaism-pinoana izao mba tsy ho hisy intsony ny ankolafy fa ho olo araiky isika. Tsy hoe ny finoana no tsy mampiombona, tsy firaism-pinoana ny finoana fa i Kristy ny batemy efa iray fa noho ny "encombrement" ao ampontsika dia misaratsaraka isika. Hivavaka isika, hibebaka isika mba ho olo araiky ao amin'i kristy.

Ry Jesoa Kristy Tomponay ô, ambaranao aminay fa natao ho an'olondrehetra ianao, tsy mifidy tavanolona ianao, hasoavinao ny olona rehetra; indrisy anefa mbola mandeha amin'ny haizimpito izahay, ka mahatonga anay misara-bazana, misy ankolaf. Tonga ianao manilo anay, enga anie izahay hibebaka tokoa , mba hahatonga anay hahafoy, hampanjaka ny fiadanana eo anivonay, ka ianao tokoa no hanjaka amponay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson